# “Fantatrareo ve ny atao hoe Fifosana? ” Hoy izy ireo namaly hoe : “i Allah sy ny Irany no tena mahalala". Hoy Izy (S.W.A) hoe : «Ny fitenenanao momba ny namanao amin’ny zavatra izay tsy tiany

Tatitra azo avy tamin'i Abu Houraira (R.A) niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Fantatrareo ve ny atao hoe Fifosana? ” Hoy izy ireo namaly hoe : “i Allah sy ny Irany no tena mahalala". Hoy Izy (S.W.A) hoe : «Ny fitenenanao momba ny namanao amin’ny zavatra izay tsy tiany» Hoy izy ireo hoe : ka ahoana raha misy amin'io rahalahiko io ilay zavatra nolazaiko. Namaly Izy (S.W.A) hoe : “Raha misy aminy tokoa izay nolazainao, dia efa nifosa azy ianao, fa raha tsy misy aminy kosa izany, dia efa nanendrikendrika azy ianao”.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manazava ny marina momba ny fifosana izay voarara ny Mpaminany (S.W.A), izy io dia : Fitenenana ny mpino silamo iray ny zavatra tsy tiany amin'ny tsy maha eo azy, na iray amin'ireo toetrany ara-moraly na voajanahary, toy ny : Toka-maso, mpamitaka, mpandainga, ary toetra hafa azo melohina, na dia efa ao aminy aza izany toetra izany. Fa raha tsy ao aminy ilay toetra, dia ratsy kokoa noho ny fifosana izany, dia ny fanendrikendrena, izany hoe : manendrikendrika olona amin'ny zavatra tsy misy aminy.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/5326

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee